

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Fitaovam-piadian’ny Teny

Natsangana ho zanak’Andriamanitra aho.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Ny fakam-panahy entin'i Satana hamelezana antsika dia manaraka modely iray. Voalohany, maka fanahy antsika izy mba hisalasala ny amin’izay nolazain’Andriamanitra—fa voavela ny helotsika, fa tena tia antsika Andriamanitra, fa nekena ho Zanany ho ao amin’ny ankohonan’Andriamanitra, fa nafahana tamin’ny ozona isika, ary nampidirina ho any amin’ny fitahiana. Ny toky farany ataon’i Satana anefa dia ny maka fanahy antsika hitarika amin’ny tsy fankatoavana.

Iray ihany no fitaovam-piadiana nampiasain'i Jesosy mba handresena an'i Satana: ny teny velona, na ny Tenin'Andriamanitra voalaza. Nanohitra ny fakam-panahy tsirairay tamin’ny fehezanteny iray ihany izy: “Voasoratra.” (jereo, ohatra, ny Matio 4:4, 7, 10). Teny nivantana avy amin'ny Testamenta Taloha izy tsirairay ireo. Satana dia tsy manana fiarovan-tena hanoherana ny Tenin’Andriamanitra voalaza mivantana taminy. Tsy manan-tsafidy afa-tsy ny miala mankany amin’ny faharesena izy.

Amin'izany rehetra izany, Jesosy no ohatra tonga lafatra ho antsika. Tsy niantehitra tamin’ny fahendrena na ny Heviny manokana; fa ny fitaovam-piadiana nomen'Andriamanitra antsika dia: ny Tenin'Andriamanitra no Nampiasainy. Miankina amin’ny fanarahana ny ohatr’i Jesosy ny fiarovana antsika. I Satana dia mihoatra ny arivo heny ary matanjaka noho isika. Afaka manondro lesoka arivo amin’ny fahamarinantsika manokana izy. Fa misy fiadiana iray izay tsy ananany fiarovan-tena: ny Tenin'Andriamanitra, izay lazaina amin'ny finoana.

Izany, àry no, lalana mitondra antsika hiala amin’ilay faritany voasaron’ny ozona ka ho any amin’ny faritany mahazo ny hazavan’ny fitahian’Andriamanitra. Ny fitakiana voalohany dia ny finoana tsy mihozongozona, mifototra amin’ny fifanakalozana izay nitranga teo amin’ny hazo fijaliana. Ny finoana toy izany dia mihevitra ny fampanantenan’Andriamanitra ho mandaitra hatramin’ny fotoana nisamborana azy ireo. Amin’ny alalan’ny fankatoavana haingana sy tsy misy fisalasalana ary ny fiaretana amim-paharetana, dia miala avy amin’ny zontsika ara-dalàna ao amin’i Kristy isika ka mankamin’ny fankafizana ny fanandramana feno azy ireo. Miatrika ny fanoheran’i Satana rehetra isika amin’ny alalan’ny “sabatry

© 2008 - Dries Du Plessis

ny Fanahy”: ny Tenin’Andriamanitra voalaza (jereo ny Efesiana 6:17).

Misaotra Anao, Tompo ô, fa nifidy ahy ao amin’ny fitiavana lanao. Manambara aho fa hiatrika ny fakam-panahy sy ny fanoherana satanika rehetra amin’ny Tenin’Andriamanitra. Manambara aho fa natsangana ho zanak’Andriamanitra aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-213-MLG
Nohavaozina farany: 15 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

